# Ilay Voa Tsara Nafafy 10 Novambra 2018

# 10 Asabotsy novambra

**Fa iza no sahy hanao ny ainy ho antoka ka hanatona Ahy ? hoy Jehovah.** Jeremia 30. 21

**Aza matahotra ianareo, mijanòna, fa ho hitanareo ny famonjen'i Jehovah, izay hataony ho anareo anio… Jehovah hiady ho anareo, fa ianareo kosa hangina.**
Eksodosy 14. 13, 14

## Finoana sa fieboeboana ?

Niainga avy any Persia ireto mpanompon'Andriamanitra roa lahy, samy nirahina ho any Jerosalema ka hanao dia mirefy 800 km any ho any. Teny amin'izany lalana izany izy ireo dia notandindomin'ny fanafihan'ny jiolahy tamin'izany fotoana izany.

— *Ezra* dia tsy mba nangataka mpiambina tamin'ny mpanjaka hiaro azy, fa hoy izy tamin'ny mpanjaka : „Ny tànan'Andriamanitray mahasoa izay rehetra mitady Azy" (Ezra 8. 22). Nitoky tanteraka tamin'Andriamanitra izy, na dia fantany tsara aza ny loza hananontanona amin'izany dia lavitra izany. „Niantso andro fifadian-kanina aho ... hampahorianay tena eo anatrehan'Andriamanitray, mba hangataka Azy hahalavorary ny dianay sy ny an'ny vady aman-janakay" (and 21). Mety ve ny nataon'i Ezra ? ... Namaly ny finoany Andriamanitra : „Andriamanitray nomba anay, ka Izy no namonjy anay" (and 31). Ohatra lehibe maneho finoana feno herimpo izany navelany ho antsika izany.

— *Nehemia*, 60 taona tatỳ aoriana, rehefa nivavaka mafy tamin'Andriamaniny, dia nahazo fahazoan-dalana avy amin'ny mpanjaka mba handeha ho any Jerosalema. Minisitry ny mpanjakan'i Persia izy, nampitondrain'ny mpanjaka taratasy ho an'ny manampahefana tany an-toerana. Izany dia nahafahany nahazo akora isan-karazany, hampandrosoany ny asan' Andriamanitra sy hanasoavany ny vahoakany. Nomen'ny mpanjaka andia-miaramila hiaro azy koa izy.

Ireo ohatra ireo dia mampiseho amintsika fa fantatr'Andriamanitra ny finoan'ireo izay miantehitra aminy an-kitsimpo, ary valiany. Fantany fa tsy fieboeboana no tao amin'i Ezra, fa fahatokiana. Fantany koa fa tsy tamin'ny fanampian'ny mpanjaka no niantehitra ny finoan'i Nehemia, fa tamin'Andriamanitra irery ihany. Mampirisika antsika ireo ohatra ireo, hananantsika fahatokiana mandrakariva an'Ilay Andriamanitsika.